

19 jiona 2010.  
7 Tamouz 5770.

## Ny drafitry ny famonjena.

«*Nefa hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany izy noho ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy.* » (Romains 3:24)

Tao amin'ireo fanoharana maro nataony dia nampiasa ny teny hoe "**fanjakan'ny lanitra**" ny Mpamonjy hilazàna ny asan'ny fahasoavan'Andriamanitra ao ampo.

Nanomboka tamin'ny fahalavoan'ny olona ny fanjakan'ny fahasoavana, fotoana izay namaritan'Andriamanitra ny drafitry ny fanavotana ho an'ilay taranaka lavo. Nanomboka teo ny fisian'io fanjakana io noho ny fikasàna sy ny fampanantenan'Andriamanitra. (*Testimonies* Vol 5 p 173).

Tsy nitondra vokatra ny fampiasan-kery satria mifanohitra amin'ny fitsipiky ny fanjakan'ny lanitra izany. **Fanompoam-pitiavana no hany eken'Andriamanitra...** Raha fantatra Andriamanitra dia ho tiavina Izy; mifanohitra amin'i an'i Satàna ny toetrany. Tsy misy hafatsy Tokana ihany teto amin'ity tontolo ity no hany afaka hantanteraka izany asa izany, ilay iray izay mahafantatra ny halaliny sy ny haavon'ny fitiavan'Andriamanitra no hany afaka haneho Azy.

Aoka tsy hisy hihevitra fa ny drafitry ny fanavotana dia vokatry ny fikan-kevitra taty aorian'ny fahalavoan'i Adama. Izy io dia: "**ny fampisehoana zava-niafina, izay voàfina hatry ny fony fahagola**" (Romains 16:25). Io fampahafantarana io dia mampiseho ny fitsipika izay fototry ny seza fiandrianan'Andriamanitra efa hatry ny mandrakizay... Andriamanitra tsy nahatonga ny ota saingy nihevitra ny fisian'izany Izy ka niomana hiatrika io zava-doza mahatsiravina io. Lehibe indrindra ny fitiavany izao tontolo izao ka nanapa-kevitra hanome ny zanany Lahy Tokana Izy mba "**Tsy ho very izay rehetra mino azy fa hanana ny fiainana mandrakizay**" (*Jésus-Christ* p 12).

Raha vao nipoitra ny ota dia tonga ny Mpamonjy. Fantatr'i Kristy fa hijaly Izy. Saingy lasa solovaikan'ny olombelona Izy. Rehefa nanota i Adama dia nanolotra antoka ny tenany ho an'ny taranak'olombelona amin-kery afaka hampivily ny meloka amin'ny fitsaran'ny fahafatesana tahaka ny nialàny aina teo ambony hazo fijaliana Izy. Na dia nesorina hiala amin'ny fianakaviam-ben'ny lanitra aza ny tany ka lavitra ny firaisana aminy dia nampifandraisin'i Jesosy indray teo amin'ny faritry ny voninahiny.

Eo amin'ny fotoana izay hanaovan'ny olona zavatra voararan'Andriamanitra dia maka toerana eo anelanelan'ny maty sy ny velona Kristy ka manao hoe: "Aoka ny sazy hihatra amiko. Ho raisiko ny toeran'ny olona. Hanana fahafahana hafa izy indray andro any." (*Lettre* 22, 13 février 1900). (S.D.A.B. *Commentary* Vol 1 p 1084-1085).

Fitiavana manao ahoana re izany! Nanaiky ny hihetry ny mpanjakan'ny voninahitra ho an'ny taranak'olombelona very. Napetrany teo amin'ny dian-tongotr'i Adama ny diany. Nisalotra ny maha olombelona very Izy sady nanapa-kevitra hiady tamin'ny fahavalo izay nandavo ny raiamandrenin-tsika voalohany. Noreseny Satàna ka tamin'izany no nahafahany nanome izay mino Azy ny fahafahana ho voavotra amin'ny fahafaham-baraka vokatry ny fahalavoan'i Adama (S.D.A.B. *Commentary* Vol 1 p 1085)

Commentaires d'Ellen G. White

